





## [ATO NY VIDEOS REHETRA]


AVELA FOTSINY AMIN'IZAO KOA IZANY ITY ?
NUMÉRO DE DOSSIER
BEA2016-0085
Accident, AD IVATO, le 26 décembre 2015, ATR - ATR72, 5R-MJE
BEA
Bureau d'Enquêtes et d'Analyses pour la sécurité de l'aviation civile

Accident d'un ATR-72 immatriculé 5R-MJE et exploité par Air Madagascar, survenu le 26/12/15 à Ivato [enquête menée par AIB / Madagascar]

RÉSUMÉ

Ahoana moa ny resaben'i Henry Rabary-Njaka?

Données préliminaires issues de la notification des autorités de Madagascar :

Au touché après un atterrissage dur sur la piste 11, la roue gauche du train avant s'est effacée entraînant l'écroulement de l'avion sur son train avant. L'avion s'est immobilisé 700 m après le touché.



**Ny zava-misy sy trangan-javatra**. Ireo mpanamory efatra ireo dia efa namoahan'ny *«Tribunal administatif »* ny didy famerenana azy ireo amin'ny asany, tamin'ny 09 Jolay 2015. Izany no atao hoe *«décision de justice»* na **didim-pitsarana tsy azo ivalozana**. Kanefa modian'ny fanjakana mpanatanteraka tsy fantatra na koa tsy nisy. Ny dikany: tsy misy mihitsy izany hoe tany tan-dalàna izany eto Madagasikara fa mpandainga ny mpitondra. Rehefa nanontaniana indray ingahy Olivier Mahafaly *« comique »* ( **ETO MIJERY** ), Praiministra *« vaovao »* sy ministry ny Ati-tany tonta ny ela mpanao kolikoly ( **ETO MIJERY SY MIHAINO** ), nofidian'ny filoha Rajaonarampianina dia izao ny valiny: ***«Any amin'ny ministry ny Fitsarana ianareo manontany»***. Izy anefa ny laharana voalohany amin'izany fahefana mpanatanteraka izany. F'iza marina izany no tompoiny?




Io indray dia vazaha avy any Canada mandray vola be fa manaraka fotsiny ihany ny baiko omen'ity fitondrana Hvm/Rajaonarimampianina ity. Izany hoe tsy rahararahiny izany *«décision de justice»* malagasy izany. Ho kely koa sisa no hananan-tsika azy satria misy tetika maizina dia maizina miala any ho any hanendrehana tanteraka ity orinasa Air Madagascar ity…



**Manankasina, kambana amin’i Andry Raobelina, Tale jeneralin'ny Madagasikara Airways**



**Antananarivo, 26 Avrily 2016**. Ity ny valan-dresaka manokana niarahana tamin’i Rado Rabarilala, mpanamory sady sendikalista ao aminy Air Madagascar.
Natao an-tsoratra izay mitoetra.




*« Inona moa ny politikan’ny Dg amin’ny fandroahana ny mpiasa malagasy miisa 400 -CCD ireo-? Satria raha jerena ny mari-karaman’izy ireo, raha misy dia misy, ataon-tsika hoe*

*2.500.000 fmg. 1 milliard isam-bolana izany, nefa izy namorona Dga anankiroa mikarama ohatrinona? Zavatra tsy mitombona izany ao anatin'ny politikan'ilay Dg.*

*Resy lahatra ve ny fanjakana misy, amin'izao fotoana izao, fa tena ilaina Air Madagascar? Satria ny zavatra hitako dia izao: ahoana moa no afahanao manome ny tsenanao amina kompania hafa nefa ianao manana kompania nasionaly izay tena mamelona Malagasy, izay efa mitsipozipozy, tsy tenenina hoe ho faty ? Ny concurrence ilaina fa mila fepetra tokony raisina. Ohatra. Raha firenena lehibe tahaka ny Chine na Singapour, izaho miteny aminao fa tena drafitra mihitsy no napetraka. Misy calendrier afahana mamaha ilay lanitra tsikelikely, mba tsy ahafaty ny investissements. Izany Singapore Airlines izany dia fahatelo eran-tany ary voalohany eo amin'ny lafin'ny confort.*




*Ka misy izany, fepetra tokony ho raisina ho an'i Air Madagascar. Ka rehefa feno izany fepetra izany, dia izay vao avela daholo hifaninana mba hafahana manatsara ny tolotra sy ny omena mandrakariva satria ny zava-drehetra dia ny fahafaham-pon'ny mpanjifa no tanjona. Ary raha tsy misy ny concurrence fa monopole fotsiny dia tsy mety daholo izany.*




*Raha momba ny Madagasikara Airways? Ny Tale jeneraliny (*TTF: Manankasina, kambana amin'i Andry Raobelina bolokin'ny

fitondrana Hvm -Dream'In-IBC-La dépêche
*) dia pilote izay nofanina teto aminy Air Madagascar. Fa tsy namita sy nahafeno ilay contrat folo taona tokony nataony tato. Ny dikany dia tsy manana éthique ny olona toa izany. Eo ihany koa ny maha akaiky azy amin'ny filoham-pirenena. Ny zavatra mampalahelo aho izao dia tonga tany aminy Madagasikara Airways ny filoha niheno doléances nefa mbola tsy tonga teto aminy Air Madagascar mba nanontany ifotony ny hoe inona marina ny olana ato amin'i Air Madagascar. Kanefa, raha ny filazan'ny Dga, dia ireo Airbus A-340, 737-800 sy ireo raoplanina vao novidiana ireo no tena fototra ngezabe mahatonga ny Air Madagascar ao anaty olana mangitsokitsoka tahaka izao.*




*Nandray anjara izy nividy ireny raoplanina ireny, tamin'izy tao anatin'ny filan-kevim-pitanànana ary mbola filohan'izany filan-kevim-pitanànana. Ka aiza koa ilay notion de redevabilité na tamberin'andraikitra. Mora, androany ny mandrahona ny mpiasa hoe hidiana ny Air Madagascar raha vao mihetsika eo ianareo. Nefa ry zareo no nanao izay hevitra rehetra hampikatso azy, nampidirana ireo concurrence vahiny ireo. Manao tsara ny asany ny Dg-ny Madagasikara Airways, miantso ny filoham-pirenena, satria karazana mitantana société d'Etat izy ary tokony mba mihetsiketsika tokoa, ary tsy manome tsiny azy aho amin'izay lafiny izay, mampiroborobo ny orinasany izy.*




*Ny mampalahelo ay fotsiny dia karazana favoritisme. Izao tokony vahana ny resaka solika dia izao azony indray izao ny tsenan'ny solika. Dia hitanao fa tsy maintsy mahita hevitra foana ka*

*Iasa conflit d'intérêts ka tokony hihezaka koa ny Dg-ny Air Madagascar ka hifoha amin'ny torimasony. Ity moa vazaha ka ty aiko raha manana culture d'appartenance, fa ny olona toa itony anie mandalo fotsiny ihany e…*




*Ho anay efatra mirahalahy dia izao ataonay izao dia fomba hanompoanay ny firenenay ao anatin'ity orinasam-panjakana ity. Endrika fitiavan-tanindrazana izay zavatra izay.* ***Ka raha tsy manana izay fo mitempo ho an'i Madagasikara izay ianao dia tsy manana fo mitempo ho an'i Air Madagascar, ka marina loatra raha io no niafaran'ny orinasa***
*».*

**Noraisin'i Jeannot Ramambazafy sy Harilala Randrianarison**

**Araben'ny Fahaleovantena, 26 Avrily 2016**

****************



Politika — Alarobia 27 avrily 2016 — Inona no Vaovao

Rabarilala Rado

# Mbola tsy misy mihaino

Hatry ny omaly mbola mitohy manatanteraka fitokonana manoloana ny biraon' ny « *Air Madagascar* » eny Ivato, nitohy tetsy amin' ny birao Analakely izy efatra mirahalahy voatendrin' ny mpiasa ho mpisolontena azy ireo nandritra ny tolona sendikaly notanterahin' izy ireo tamin' ny taon - dasa. Efa niverina amin' ny asany ireo mpiasa nitokona tamin' izay, fa izy efatra mirahalahy, lehiben' ny sendikàn' ny mpiasa, lehiben' ny avy amin' ny mekanisianina, avy amin' ny « *steward* » ary izy avy amin' ny mpanamory kosa tsy mbola tafaverina amin' ny asany na dia efa nisy aza fandidian' ny Fitsarana hamerina azy ireo amin' ny asany. Omaly nandritra ny fanatanterahan' izy ireo « *sit - in* » nanoloana ny biraon' ny « *Air Madagascar* » Analakely no nandalo azy ireo ny tale jeneralin' ny orinasa, izay teratany vahiny, ka nilaza fa tsy matahotra azy. « *Je pas peur de vous* », hoy ilay vazaha ary namaly Rabarilala Rado, fa tsy matahotra azy ihany koa. Nirohotra nanatona moa ny mpanao gazety, ka nitsoaka ilay vazaha nandeha nihazo ny toeram - piasany.

Endrika irey mahelose saina ny rehetra ny nametrahana teratany vahiny hitantana ny « *Air Madagascar* » izay toy ny manambara fa tsy misy Malagasy mahavita misahana io andraiktra io. Ampahany ihany amin' ny zavatra mila mpitantana eto amin' ny Firenena anefa io, ka mainka izany fa ny Firenena iray manontolo no tantanintsika ? Manamarina ny tsy fahombiazan' ny mpitondra malagasy ve izany ? Mampieritreritra !

### Mifanilika andraikitra ireo tomponandraiki - panjakana

Tsy fantatra intsony izay tena marina mikasika ity raharaha « *Airmad* » ity fa ifanilihan' ny tomponandraiki - panjakana ny fandraisana andraikitra amin' izany. Ny Praiminisitra dia nilaza, omaly teo imason' ny mpanao gazety, fa « *any amin' ny ministry ny Fitsarana no tokony hanontaniana ny fampiharana ilay didy nivoaka hamerenana ny ekipan' i Rado Rabarilala amin' ny asany. Fa dia hoe manaja ny rafitra misy izy satria izay no Fanjakana tandalàna* ». Ankilan' izay koa anefa izy dia nilaza, fa « *tsy ho voavaha androany noho androany ny olana. Vahana tsikelikely io fa tsy tonga dia hisy fahagagana ka ho voavaha androany ny olana. Tsy maintsy hisy vahaolana na amin' ny ampahany ihany aza. Misy ny dingana tsy maintsy atao amin' io* ». Ny Mpisolovava Me Willy Razafinjatovo kosa anefa dia milaza, fa « *efa mihoatra ny fahefan' ny ministeran' ny Fitsarana ny zavatra mahazo ny mpiasan' ny Airmad. Efa nanaovana antso tamin' ny Praiminisitra sy ny Filohan' ny Repoblika ity raharaha ity hoe tokony hovahany izany, satria efa tsy voavaha any amin' ny ministeran' ny Fitsarana intsony. Andraikitrareo no mamaha an' io satria didim - pitsarana navoakan' ny Fitsarana io ka anjaranareo no mampihetra azy. Filam - baniny ny fanilihana ny raharaha any amin' ny ministeran' ny Fitsarana indray, ary tena fahakanosana. Fitakiana zo no ataon' ny mpiasan' ny Air Madagascar. Tsy misy resaka fanonganam - panjakana izany. Fa fampiharana ny didim - pitsarana navoakan' ny Fitsarana malagasy fotsiny no angatahina* ». Ifanilihan' izy ireo ny fandraisana andraikitra araka izany.

### Tsy hihemotra

Araka ny nambaran' i Rado Rabarilala dia tsy hihemotra izy sy ny ekipany miaraka amin' ireo mpiasa marobe eo anivon' ny orinasa fa mbola hanao « *sit - in* » hatrany eo anoloan' ny toeram - piasana. « *Fitsanganan' ny mpiasan' ny Airmad amin' ny fitakiana ny zony ve dia fanonganam - panjakana, satria misy didim - pitsarana io dia hoe tanteraho fotsiny* », hoy hatrany ny fanazavana. Ho raikitra ny « *sit - in* », na dia eo aza ny fampitahorana eny Ivato. Mbola mihenjan - droa ny tady eo amin' ny tale jeneralin' ny « *Airmad* » sy ny mpiasa.

**I.J. sy Mamonjy**